# Ilay Voa Tsara Nafafy 08 Oktobra 2018

# 8 Alatsinainy oktobra

**Any am-parany any dia hisy andro mahory.**
2 Timoty 3. 1

*(Hoy Jesosy :)* **Fiadanana no avelako ho anareo, ny fiadanako no omeko anareo ; tsy tahaka ny fanomen' izao tontolo izao no fanomeko anareo. Aza malahelo na matahotra ny fonareo.** Jaona 14. 27

## Andro sarotra

Maro ny mitebiteby ao anatin'izao tontolo miha feno loza izao. Tsy manampy trotraka tsy akory isika, fa mahita tsara hoe efa mivahavaha tanteraka izao tontolo ankehitriny izao, efa mivaona tanteraka. Mahazo vahana ny herisetra sy ny fahavetavetana, ary resahin'ny haino aman-jery betsaka izany, ka fantatra tsara hatrany anaty tokantrano any. Manontany tena ny maro : „Mankaiza isika ireto ? Hanao ahoana izao tontolo izao, rahafaka taona vitsivitsy ?" Mitotongana haingana dia haingana ny fomba amam-panaon'izao vanimpotoana iainantsika izao, ka izay natao hoe „ratsy", taloha, dia manjary ekena, ary indraindray aza novaina hanjary ara-dalàna.

Ny Baiboly, izay Tenin'Andriamanitra, dia manambara fa hisy fotoana hoe hibirioka ny fitondrantena, ka hantsoina hoe tsara ny ratsy, ary tsy izany ihany, fa koa hantsoina hoe ratsy ny tsara (Isaia 5. 20). Mampitandrina ny Baiboly fa tsy maintsy hisy fitsarana, mba hamongorana ny ratsy rehetra. Fa mandraka ankehitriny aloha, dia mbola mahari-po Andriamanitra. Ny hamoram-panahiny dia „mitaona anao hibebaka" (Romana 2. 4). Izany fibebahana izany no tian'Andriamanitra hampiasaina, mba hanatanterahany fiovana tanteraka ao amin'ny mpino, hamohany ny fo sy sain'izy ireo ka handraisan'izy ireo ny fitiavan'Andriamanitra sy ny famelan-keloka atolony ao amin'i Jesosy.

Ho an'ireo izay matahotra ny hoavy, sy ho an'ny olona rehetra, dia hoy Jesosy : „Fa toy izao no nitiavan'Andriamanitra izao tontolo izao : nomeny ny Zanany Lahitokana, mba tsy ho very izay rehetra mino Azy, fa hanana fiainana mandrakizay" (Jaona 3. 16). Izay mino Azy dia tsy matahotra izao tontolo izao, satria efa eo ambany fiarovan'Andriamanitra, Izay miteny aminy hoe : „Sambatra (ianareo) ; ary aza matahotra ... ary aza mangorohoro" (1 Petera 3. 14).